01 desambra 2020 (Past Zaranaina ANDRIALAMPISON)

**Mpitandrina :** Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Amena.

Hira : 4 FFPM and 1,4 *"Mamy ny fitiavanao, ry Jehovah Tomponay"*

**Vavaka (Mpitandrina)**

**Lohahevitra :**

**Vakiteny 1 : Salamo 22, 1-10**

*"Andriamanitra ô, Andriamanitro ô, nahoana no dia mahafoy ahy Hianao? Lavitra ny famonjena ahy ny tenin' ny fitarainako.2 Andriamanitro ô, miantso aho nony andro, nefa tsy mamaly Hianao; Ary nony alina, nefa tsy mahita fiononana aho.3 Kanefa masina Hianao, Ry mipetraka eo ambonin' ny fideran' ny Isiraely. 4 Hianao no nitokian' ny razanay; Natoky izy, ka namonjy azy Hianao.5 Hianao no nitarainany, ka afaka izy; Hianao no nitokiany, ka tsy menatra izy. 6 Ary izaho dia olitra, fa tsy olona, fandatsan' olona sy fanevatevam-bahoaka.7 Izay rehetra mahita ahy dia manaraby ahy; manondro molotra izy sady mihifikifi-doha ka manao hoe:8 Ankino amin' i Jehovah, dia aoka Izy hamonjy azy; eny, aoka Izy hanafaka azy, raha mankasitraka azy Izy.9 Fa Hianao no nampivoaka ahy avy tao an-kibo; nampandry ahy fahizay hianao, fony aho mbola nampinonoin' ny reniko;10 Nankinina taminao hatrany am-bohoka aho; hatrany an-kibon-dreniko dia Andriamanitro Hianao."*

Hira: 815 FFPM and 1,3 *"Lay ora tao Getsemane tsaroako tsara izao"*

**Vavaka :**

→Fisaorana an'i Jesosy noho ny fatokisany an'Andriamanitra Ray

→Fisaorana an'i Jesosy noho ny fitiavany antsika ka nanekeny ho natao tsinontsinona

**Vavaka (Mpitandrina)**

**Vakiteny 2: Salamo 22, 11-21**

*« 11 Aza manalavitra ahy Hianao, fa akaiky ny fahoriana, sady tsy misy mpamonjy.12 Mitangorona amiko ireo ombilahy be, ny maherin' i Basana manemitra ahy.13 Misanasana vava amiko izy; eny, liona mamiravira sy mierona izy.14 Efa rano aidina aho, ka mivaha ny taolako rehetra; tahaka ny savoka ny foko: miempo ato anatiko izy.15 Maina tahaka ny tavim-bilany ny heriko, ary ny lelako miraikitra amin' ny lanilaniko; ao amin' ny vovoky ny fahafatesana no ametrahanao ahy.16 Fa mitangorona amiko ny amboa, ny fiangonan' ny ratsy fanahy manemitra ahy. Manindrona ny tongotro aman-tanako izy17 Mahisa ny taolako rehetra aho ireo dia mibanjina sady mangarika ahy.18 Mizara ny fitafiako ho azy izy; ary ny akanjoko ilokàny. 19 Fa Hianao, Jehovah ô, aza manalavitra; ry Heriko ô, faingana hamonjy ahy.20 Vonjeo amin' ny sabatra ny fanahiko, dia ny hany malalako amin' ny herin' ny amboa.21 Vonjeo amin' ny vavan' ny liona aho; Ary valio ho afaka amin' ny tandroky ny ombimanga (na teo amin'ny tandroky ny ombimanga no novalianao aho)."*

Na mafy sy mafaitra toy izany aza anefa ny nihantra tamin'i Jesosy dia mbola nanantena sy natoky an'Andriamanitra ihany Izy – nangataka ny fanatrehan'Andriamanitra hatrany Izy. *"Hianao, Jehovah ô, aza manalavitra; ry Heriko ô, faingana hamonjy ahy." Sns.*

Vokatr'izany dia hoy ny voalaza: *"Teo amin'ny tandroky ny ombimanga no novalianao aho"* Ny tandroky ny ombilamba dia ilazana ny hazofijaliana. Novalian'Andriamanitra ny fitarainany. Ny fitsanganan'i Jesosy Kristy tamin'ny maty izay nanafaka Azy tamin'ny fahafatesana no navalin'ny Ray Azy.

Hira : 815 FFPM and 4 *"Soraty ao am-poko re"*

**Vavaka :**

→Fifonana fa noho ny amiko – noho ny amintsika no niaretan'i Jesosy izao mangidy izao

→Fanoloran-tena ho tia an'I Jesosy mihoatra ny zavatra rehetra amin'izao sisa izao

→Ho an'ny tsy salama sy ny azon'ny manjo

**Vavaka (Mpitandrina)**

**Vakiteny 3: Salamo 22, 22-31**

*"22 Hitory ny anaranao amin' ny rahalahiko aho; eo amin' ny fiangonana no hideràko Anao. 23 Hianareo izay matahotra an' i Jehovah, miderà Azy; ry taranak' i Jakoba rehetra, manomeza voninahitra Azy; ary matahora Azy, ry Zanak' Isiraely rehetra.24 Fa tsy manao tsinontsinona na marikorikon' ny fahorian' ny ory Izy, ary tsy mba manafina ny tavany aminy; fa raha mitaraina aminy ireny, dia mihaino Izy. 25 Avy aminao no ahazoako manao fiderana eo amin' ny fiangonan-dehibe; ny voadiko dia hefaiko eo anatrehan' izay matahotra an' i Jehovah.26 Hihinana ny mpandefitra ka ho voky; hidera an' i Jehovah izay mitady azy; ho velona mandrakizay anie ny fonareo. 27 Hahatsiaro ka hiverina ho amin' i Jehovah ny faran' ny tany rehetra; ary hiankohoka eo anatrehanao ny*



Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

*fokon' ny firenen-tsamy hafa.28 Fa an' i Jehovah ny fanjakana; ary manapaka amin' ny firenen-tsamy hafa Izy.29 Hihinana sy hiankohoka ny mpanefoefo rehetra ambonin' ny tany, eo anatrehany no hiondrehan' izay rehetra efa hidina any amin' ny vovoka ka tsy mahavelona ny ainy. 30 Hisy taranaka hanompo Azy; ary ny Tompo dia holazaina amin' ny taranaka ho avy.31 Hisy ho avy ka hanambara ny fahamarinany, amin' ny olona izay mbola hateraka, fa Izy no nanao izany."*

Hira: 499 FFPM and 1,2 *"Inona re no atakaloko an'i Jesosy izay mpisoloko"*

**Vavaka :**

→Fisaorana sy fiderana an'Andriamanitra noho ny fitiavany antsika tao amin'i Kristy

→Ho an'ny Fiangonana maneran-tany, isan'izany ny FPMA amin'ny asa misiona napetraky ny Tompo taminy

→hetaheta manokana

**Vavaka (Mpitandrina) + « *Rainay izay any an-danitra…* »**

**Hafatra :**

*"Hisaotra an'i Jehovah lalandava aho; ho eo am-bavako mandrakariva ny fiderana Azy. Jehovah no reharehan'ny fanahiko;…Miaraha mankalaza an'i Jehovah amiko; ary aoka hiara-manandratra ny anarany isika."(*Sal 34, 1-3)

**Tsodrano :**

*« Mahereza sy matanjaha; aza matahotra na manahy azy; fa Jehovah Andriamanitrao no miara-mandeha aminao; tsy handao anao na hahafoy anao Izy. »* (Deot 31, 6)

*Mpitarika:* Voninahitra ho an'Andriamanitra, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Mandehana amin'ny fiadanan'ny Tompo. Amena.